## AMPITATAFIKA 4

# NODIDIAN-DRALEHILAHY TAMIN'NY ANTSY NY TENDANY

## MARINA IZANY ! 7

## ZOMA FAHA-13 !


# Gazetiko

www.gazetiko.mg


## IZY NO IZY 3

### ZARA RAJAONA



## RENY MIZARA NY KANTO ANATIN'NY FITIAVANA


Laharana 7469 Taona faha-24 Vidiny: 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Zoma 13 janoary 2023


## RN2 8



## NIATO NANDRITRA NY ADINY ROA NY FIFAMOIVOIZANA

## MINISITERAN'NY TONTOLO IAINANA 7

# OLONA EFA MANANA DOSIE MALOTO, VOASAZY HANDOA LAMANDY NO NOTENDRENA TALE JENERALY

## FANOMANANA NY FIFIDIANANA 7



# NAMPISEHO HERY TANY TOLIARA I MARC RAVALOMANANA

## JEFF BURGUNDY 3

### MPAKA SARY

## HANATANTERAKA DIA ANTONGOTRA ANTANANARIVO HATRANY MAHAJANGA






G CL 397/26-11

Basket - Seksiona Antananarivo Renivohitra

# Hakotroka ny fanokafana ny taom-pilalaovana

*Hanafana ny lanonana ny mpanakanto Mr Sayda.*

Hosokafana amin'ny fomba makotrokotroka rahampitso etsy amin'ny kianja mitafon'i Mahamasina ny taom-pilalaovana 2023, ho an'ny seksiona Antananarivo Renivohitra, eo amin'ny taranja Basket-ball. Feno tanteraka ny tontolo andro mandritra izany, raha ny nambaran'ny filohany, Rakotomavo Mamisoa Lalaina, izay hizara roa miavaka tsara. Ny tapakandro maraina no hanatanterahana ireo lalao famaranana tamin'ny taom-pilalaovana 2022, ka hanokatra izany amin'ny 8 ora maraina ny fihaonana eo amin'ny Assm sy ny Jcba, latsaky ny 13 taona, zazalahy. Aorian'io dia hiady ny anaram-boninahitra ny Mb2all sy Lucadro (u-17F) ary ny lalao famaranana ho an'ny latsaky ny 19 taona lehilahy, hifandonan' ny Fandrefiala sy ny Akbb no hanakatona ny taom-pilalaovana 2022, harahin'ny fanolorana amboara ho an'ireo mendrika. Amin'ny 4 ora tolakandro kosa no hosokafana amin'ny fomba ofisialy ny taom-pilalaovana 2023. Ankoatra ny kabary hifandimbiasana, sy ny filaharana handraisan'ireo klioba 52 anjara, dia hisy ny lalao goavana, hifanandrinan'ny Ambb sy ny Dtsc, eo amin'ny sokajy N1B. Hanafana ny lanonana mandritra izany ny mpanakanto Mr Sayda, izay hanome ambiansy ny rehetra ho tonga eny an-toerana. Mahakasika ity seksiona Antananarivo Renivohitra ity hatrany dia vita ara-potoana ny fiadiana ny tompondaka. Teo ihany koa ny fanatsarana ny tontolon'ny basket teto. Nohatsaraina ny fifandraisana, indrindra tamin' ireo mpitantana klioba. Ankoatra izay, nahazo birao maharitra ny seksiona. Anisan'ny olana kosa ny fotodrafitrasa, toy ny tsy nahazoana nampiasa ny tao anatin'ny kianja Barea hatramin'izao, na dia efa natao aza ny fangatahana, hoy hatrany ity filoha ity. Isaorany kosa ireo mpiara-miombona antoka, toy ny « Institutions sainte famille », Toby Ratsimandrava, Ans. Isan'ny tetikasa goavana amin'ity taom-pilalaovana ity ny hanamboatra kianja ho azy manokana, izay tsy maintsy atao sy vitaina, hoy ingahy filoha. Hatsaraina ihany koa ny fikarakarana ny "championnat" izay ezahina mba tsy ho tratran'ny zavatra tsy ampoizina. Nambarany kosa fa mizotra tsara ny fiarahamiasa amin'ireo rafitra ambony. Nisy moa ny fanoloana mpikambana, mpitambola, noho ny tsy fahafahan' ny teo aloha nisahana ilay andraikitra.

**Rabenaivo**




**Vonona tanteraka hiatrika ny taom-pilalaovana vaovao ny mpitantana ny seksiona Antananarivo Renivohitra.**

Kitra - CHAN 2023

# Hisantatra ny fifaninanana i Algérie sy Libye



**Vonona tanteraka ny Barea de Madagascar.**

Hanomboka anio alina ka tsy hifarana raha tsy amin'ny sabotsy 4 febroary 2023 ny lalao fifanintsanana amin'ny fiadiana ny tompondakan'i Afrika ho an'ny firenena, natokana ho an'ny tsy misy mpilalao matihanina avy any ivelany. Hisantatra ny fihaonana ny « Fennecs »-n ' i Algérie, tompondaka farany teo no sady mampiantrano ny CHAN 2023, sy ny Libiana, izay samy iray vondrona A. Rahampitso sabotsy 14/01/2023 kosa indray dia fihaonana telo no harahina, hahitana ny fihaonana eo amin'ny Éthiopie sy Mozambika (4 ora), RD Congo sy Ouganda (7 ora) ary Côte d'Ivoire sy Senegal. Amin'ny alahady 15/01/2023 (10 ora) kosa vao hiaka-tsehatra ny Barea de Madagascar ka hifandona amin'i Ghana, tompondaka lefitry ny CHAN farany. Efa nampitandrina moa ny mpanazatra ny Blacks Stars fa tsy hitsangantsangana no alehany any Algérie. Ialohavan'ny fihaonan'i Maroc sy Soudan (7 ora) ny fifandonan'ny Malagasy sy ny Ganeanina. Momba ny ekipam-pirenentsika manokana, ankoatra ny resabe momba ny fisintahan'i Drogba lohalaharan'ny FOSA Junior tao amin'ny Barea de Madagascar, dia mbola tsy zakan'ny sain'ny ankamaroan'ny mpanaraka kitra ihany koa ny nampijanonana indray an'i Radokely, mbola mpilalaon'ny FOSA Junior mitana ny toeran'ny vodilaharana havanana. Tsy niatrika ny lalao fanomanantena tany Tonizia izy fa nasaina namonjy mivantana an'i Algérie. Teo amin'ny ora farany anefa dia najanona ho 23 ihany ny isan'ny mpilalao hiatrika ny CHAN 2023. Isan'ny mpilalao iantohan'ny « "Confédération Africaine de Football » kanefa afaka mitondra mpilalao mihoatra an'izany isika, raha ohatra ka nahena ny isan'ny delegasionina tsy milalao baolina, nitondrana an'i Radokely, izay very fanahy mbola velona toy ny valala voatango elatra.

**aris rafaly**

CHAN 2023

# Tsy ho any Algérie i Maroc

Araka ny vaovao naelin'ny " Fédération Royale Marocaine de Football " dia tsy ho any Constantine (Algérie), hiatrika ny fiadiana ny tompondaka CHAN 2023 (2022) andiany faha-7 ny Lion'i Atlas, izay tokony hiaro ny voninahiny tamin'ny amboara azony farany teo. Izany no tanterahiny dia noho ny olana teo amin'ny fahazoan'ny fiaramanidina alalana hihazo an' i Algérie. Noho izany tsy fahatongavany izany dia ekipa telo sisa no mandray anjara amin'ny fifaninanana ao anatin'ny vondrona C misy antsika (Madagasikara - Ghana - Soudan). Manana herijika amin'ny fahazoana tapakila hiatrehana ny lalao ampahefa-dalana ny Barea de Madagascar, raha mahavita manao ady sahala indray mandeha sy mandresy. Alefa Barea!

**a.r**


**Gazetiko**

novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola
Ar 37 452 000
Talen'ny Fanoratana :
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
Birao sy fandraharahana :
Lalana Ravoninahitriniarivo
B.P. 1414 - Antananarivo
Tél.: 22 697 79 / 22 697 80
Fax. 22 273 51
e-mail:midigazetikom@gmail.com
D.L.I.: 15 882 - 01 - 23
Isan'ny natonta : 25 000


*Nahandro*

### Kokombra sy sardines

**Zavatra ilaina :** kokombra 2, sardine iray boaty, fromage blanc 200g, tantely 2 sotro, vinaingitra 2 sotro, voasary makirana 1, menthe raviny 6, dipoavatra.

**Fikarakarana azy :** Tetehina boribory ny kokombra rehefa voavaofy. Atao anaty lovia jobo dia arotsaka ny tantely sy ny vinaingitra ary dipoavatra. Potsehina halemy ny fraomazy. Alaina ny sardine dia afangaro amin'ny kokombra. Arotsaka ihany koa ny fraomazy dia afangaro tsara izy rehetra. Alefa farany ny ravina menthe. Azo aroso avy hatrany.




## Izy no izy

Zara Rajaona

# Reny miaina sy mizara ny kanto anatin'ny fitiavana

*Zara Rajaonarisoa. Mpiangaly mozika jazz, mpamoron-kira, mpihira, mpilalao mozika, mpanoratra tononkalo, tefy bika mampiasa akora natoraly indrindra ny rofia, mpitantana orinasa. Renim-pianakaviana miaina sy mizara fitiavana ao anatin'ny kanto voiziny sy ny asa fivelomany. " Ny fotoana no mila alamina tsara. Dia mitovy foana ny fihetsiko na artista aho na mitantana orinasa, satria ny hevi-dehibe mibaiko ahy dia ny fitiavana...Zavatra tiako daholo ireo ataoko dia faly foana aho amin'ny ankapobeny ", hoy izy. Izy no hampahafantarintsika fohifohy eto anio :*

**Olon'ny tokantrano**

Noho izay hoe fitiavana izay no mibaiko ny fiainan'i Zara Rajaona. Tsy mahagaga raha miaina ao anatin'ny fivavahana sy ny fiainan-tokantrano tanteraka izy. Niasa birao ivelan'ny tokantrano mantsy izy taloha. Mba hahafahany manokan-tena ho an'ny zavakanto sy ny fiainam-pianakaviany dia naleony niala ka nanangana orinasa momba ny zavakanto, ka ao an-tokantranony ihany. « *Arykanto no anaran' ny orinasako, amin'ny sehatry ny asatanana. Ato an-trano daholo aho no sady manomana ny andraikitra maha artiste ahy (mamorona hira, na manoratra tononkalo, na manao enregistrement, maka sary na manao montage,...) no manome aina ny tranokalan'i « Web Mada Positive ressources » sy ny tambajotran-tseraserako rehetra, no ato an-trano koa ny atelier-ko. Rehefa manangona vaovao hozaraina, na mitady akora hampiasaina, na miakatra sehatra ...vao mivoaka ny trano e... Ankoatra ireo dia tiako ny mamorona sakafo, na mitady tsiron-kanina mba hampifalifaliana ny ankohonana rehefa manampotoana iny. Ny mamaky boky koa dia tena fialambolioko* », hoy izy.



**Tia mitonkatokana**

Voaporofo tamin'ny fanapahan-kevitra noraisina hiala amin'ny asa am-birao fa hanokan-tena hampiroborobo ny mozika sy ny asa tena amin'ny alalan'ny asatanana ao an-tokantrano ny toetrany. Tia mitokantokana, tsy dia be namana izay. « *Izaho somary tia mitokantokana, tsy dia be namana, fa any amin'ny mozika sy ny tononkalo aho no tena mamoaka ny vetsovetsom-poko rehetra. Na izany kosa aza, tena tiako sy ilaiko koa indraindray ny mamonjy fiaraha-mifaly sy fiaraha-mikorana miaraka amin'ny namana sy fianakaviana* », hoy i Zara Rajaona.

Tsy mahagaga raha toa ka mora fo loatra i Zara. « *Ny tononkira tena manavanana ahy dia izay seho na tantara nandona ny foko: mety ho fitiavana io, mety ho fahoriana, mety ho tsikin'olona iray sendra hitako, mety ho zavaboary, rehefa mikasika ny tontolo misy ahy e* », hoy izy.

Firenena maro no efa nandehanany, toa an'i Thaïlande, Singapore, Afrique du Sud, Kenya, Sénégal, États Unis. Tsy mozika ireo fa tamin'ny asa taloha. Ny tany États-Unis no efa nanaovako fampisehoana momba ny asa tànana.

Mozika milamindamina sy mivoy fitiavana amin'ny ankapobeny no nikolokolo ny talentany sy ny aingam-panahiny, anisan'ireny ny sanganasan'ireo vahiny toa an-dry Ella Fitzgerald, Ray Charles, Louis Armstrong, Geroges Benson, Al Jarreau, Pat Metheny maro be. Eo koa ireo artista gasy toa ny hiran'i Bessa, Henri Ratsimbazafy, Fanja Andriamanantena, Lalatiana, Jeannot Rabeson...

**Nanamarika ny fiainany**

Marobe ny trangam-piainana nanamarika azy. Ao anatin' izany ny niterahany ireo zanany telo mirahavavy sy ny nahazoany tokantrano mazava ho azy. Fa ny tena nisongadina teo amin'ny tontolon'ny zavakanto, dia anakiroa ny zavatra nanamarika ny fiainany : « *voalohany dia ny nahazoako mariboninahitra chevalier de l'ordre de l'art et de la culture tamin'ny 2015, fankasitrahana noho ny ezaka nataoko teo amin'ny sehatry ny jazz izany, satria raha vao 3 taona monja no nidirako tamin'ny fomba ofisialy ho fantabahoaka teo amin'io sehatra io (saingy efa nisy taona vitsivitsy niomanana kosa) dia efa nahavoaka ny tahirin-kira voalohany aho ary efa niomana sahady tamin'ny fiketrehana ny tahirin-kira faharoa. Ny faharoa kosa, ny nanapahako hevitra ny hiala amin'ny asa am-birao, satria te hanokana fotoana bebe kokoa ho an'ny mozikako aho ary nanapa-kevitra ny hiasa tena teo amin'ny sehatry ny asatanana sy ny « accessoires de mode fait main* », hoy ihany izy.

**Nangonin'i Fy**

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Ny mitoetra miaraka amin'ny Tompo, ange, ka hahazoako maneho ny faniriako hatrany, fotoana feno fahamboniana sady feno fahamendrehana hiarahako aminy."

**Ny Vetso (28.11.14)**

("Quand nous nous asseyons avec Dieu, nous manifestons notre désir de passer du temps de qualité avec LUI. " LYNDELLE Brower CHIOMENT)

Jeff Burgundy - Mpaka sary

# Hanatanteraka dia an-tongotra avy eto Antananarivo hatrany Mahajanga indray

Ho an'ity taona ity dia handeha an-tongotra avy eto Antananarivo mankany Mahajanga indray i Jeff Burgundy, ilay mpaka sary iray avy any ivelany. Amin'ny volana jona izao izy no hanatanteraka dia an-tongotra 600km, izay vinainy ho vita ao anatin'iray volana. Ny tanjona hotratrarina ao anatin'izany indray dia ny fanampiana vehivavy malagasy anankiroa samy manana ny maha izy azy ka mendrika ny hampiana raha ny fijeriny. Hanangona vola indray, araka izany, izy eny amin'zay lalana lalovany sy izay toerana hipetrahany, ka izay voangona dia omena an'ireo vehivavy ireo mba hanampiana azy. Iray amin'izany vehivavy izany moa i Hasina mpitsabo, izay manana talenta manokana amin'ny resaka "pedopsie". Avy any Mahajanga any mihitsy ity mpitsabo ity. Ilay vehivavy iray kosa dia ny fambolen-kazo no fivelomany ary dia mandalo toe-javatra sarotra izy amin'izao. *"Ho fanomezamboninahitra ny vehivavy, indrindra moa fa mba hanatanterahana ny resaka nifanaovako tamin'ny vadin'ny filohampirenena tamin'ny volana novambra lasa teo no antony hanaovako izao"*, hoy i Jeff manazava. Vonona aho, hoy izy, ny handeha hitety toerana maro ary hiresaka momba ny fiainan'ireo vehivavy roa ireo, izay tena hita fa manao ezaka mafy eo amin'ny fiainana. Tsara homarihina moa fa efa manana ny fidiram-bolany izy ireo saingy fanampiana azy ireo fotsiny izao atao azy ireo izao, sady mba tian'ity vahiny ity ho fantatry ny rehetra ihany koa ny mombamomba azy ireo, satria azo isintomana anatra ho an'ny vehivavy rehetra mihitsy koa. Raha tsiahivina dia avy eto Antananarivo hatrany amin'ny faritra misy ireo Zafimaniry no nanaovany dia an-tongotra tamin'ny herintaona.



**Mahafinaritra an'ity vahiny ity mihitsy ny mijery ny hakanton'i Gasikara.**

**Tanya.R**

" Prix Paritana "

# Loka goavana no hatolotry ny "Fondation H" ny mpandresy

Ny loka Paritana dia fandaharan'asan'ny "Fondation H" hatramin'ny nanangananana azy tamin'ny taona 2017, natao hanohanana ny sehatra ara-javakanto malagasy ho an'ny mpanakanto mizaka ny zom-pirenena malagasy na monina eto Madagasikara. Izay mpanakanto telo mendrika indrindra no omen'ny "Fondation H" loka isan-taona. Amin'ity taona ity ny mpandresy amin'ny loka Paritana dia hahazo toerampononena mandritra ny 3 volana ao amin'ny "Cité internationale des arts" any Parisy, tapakila mandroso sy miverina Antananarivo - Paris avy amin'ny "Air France", famatsiam-bola 3000 euros, fanampiana ara-bola mandritra ny fotoana nijanonan'ilay mpanakanto tany Paris, ary fampirantiana manokana ao amin'ny IFM. Ho an'ny faharoa sy fahatelo kosa dia hahazo famatsiam-bola 500 euros sy fampirantiana manokana ao amin'ny "Fondation H" eto Antananarivo. Araka ny fanazavana dia efa nisokatra ny fisoratana anarana amin'ity fifaninana ity ary manana hatramin'ny 26 marsa ny mpanakanto handefasany ny fangatahany ao amin'ny tranonkalan'ny "Fondation H". Misokatra ho an'ny mpanakanto rehetra misehatra sy manam-paniriana ny hivoatra eo amin'ny sehatry hosodoko, sary sokitra, horonan-tsary, sary, sy ny manodidina azy. IFM sy Air France ary ny "Cité internationale des arts" any Paris no mpiara-miasa sy mpiara-miombona antoka amin'ny fanatanterahan'ny "Fondation H" ity fifaninana Prix Paritana ity.

Marihina fa i Mahefa Dimbiniaina Randrianarivelo (Art of Matchbox D.) no nahazo ny loka voalohany ny taon-dasa, i Viviane Rakotoarivony sy Olivia Bourgois no teo amin'ny laharana faha-2 mitovy.



**Ireo nahazo ny Prix Paritana tamin'ny taona lasa. (Sary tahiry)**

**Tiaray R**


## PETITES ANNONCES Gazetiko

### MIVIDY

* Fanaka, frigo, congélateur, chaîne, télé, an-dakozia... Tél : 034.74.225.75 / 033.25.796.88. (G-BA 439/20-6)

* Debara, frigo, fanaka, TV, vy, boky, kilalao, kiraro. Rason Jean Jacques. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 432/15-9)

* Miora. Mividy kojakoja, fanaka, kiraro, poketra, debara sns. Tél : 034.22.160.88 / 033.72.834.38. (G-BA 433/20-9)

* Frigo, congélateur, fanaka, machine, kojakojan-dakozia... Tél : 033.11.173.27 / 032.40.056.16. (G-BA 438/20-6)

* Fanaka, frigo, congélateur, salon, bahut, armoire sns. Tél : 034.20.405.10 / 033.11.785.44. (G-BA 438/20-6)

* Mividy lamba, kiraro, poketra, debara, fanaka, frigo, télé. Tél : 033.04.572.23 / 034.43.260.88. (G-BA 441/6-4)

### COURS

* Cours de coiffure accéléré tsisy écolage afaka misafidy fotoana ianarana. Tél : 034.51.209.99. (G-BA 434/20-8)

* Cours de coiffure accéléré Isotry Ampitan'ny mpivaro-kazo. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 435/10-8)

### FAMPIANARANA

* Fampianarana manety lehilahy " Coupe homme ". Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 435/10-8)

### SERVICE

* Vidange fosse, wc perdu, puisard, plombier, réparation Makiplast. Tél : 034.86.276.79. (G-BA 442/6-2)

### VIDANGE

* Manao ny asa momba ny vidange, wc fosse septique et perdu, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 440/6-3)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 440/6-3)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 440/6-3)

Ampitatafika

# Nodidian-dralehilahy tamin'ny antsy ny tendany

*Tampoka be mihitsy ny nandraisan'ilay lehilahy ny antsy.*

Lehilahy tokony ho 40 taona no nanindrona antsy ny tenany teny Ampitatafika omaly tokony ho tamin'ny 8 ora sy sasany maraina. Naratra mafy araka izany izy ary nijininika izay tsy izy ny rà tamin'io. Nandriaka tamin'ny tany mihitsy ny rà. Nikasa hamono tena ity lehilahy, araka fihetsiny izao. Araka ny fanazavana azo dia nanatona teny amin'ny mpivarokena iray izy. Tsy nanampo na inona na inona ny mpivarotra teo satria tampoka be mihitsy ny nandraisan'ilay lehilahy ny antsy teo aminy ary dia nodidiany tamin'iny ny tendany ka nahavoamafy azy. Tsy fantatra mazava aloha hatreto izay antony nahatonga azy ho tsy nahazaka ny miaina intsony ka nitarika famoizam-po tahaka izao. Maro ny resaka mandeha manodidina izany ka nisy olona nilaza fa olana ara-pitiavana no nahatonga an-dralehilahy namono tena. Fa nanoloana ity tranga ity dia nitangorona nijery zavanisy ireo olona teny an-toerana. Teo ihany koa ireo nampilaza avy hatrany ny mpitandro filaminana ka raha vantany vao naheno izany ny zandary avy ao Ampitatafika dia nandray ny andraikiny avy hatrany nidina ifotony teny amin'ny toerana nahitana ilay lehilahy naratra ary nitondra azy notsaboina teny amin'ny hopitaly. Hatramin'ny fotoana nanoratanay dia mbola nijanona nanaraka fitsaboana eny io lehilahy io.

T.H

Morondava

# Tra-tehaka ireo efa-dahy nikononkonona fanafihana

Lehilahy efatra, 33 taona ny roa lahy ary 32 taona sy 20 taona, no saron'ny polisy tany Morondava saika hanao fanafihana, tany amin'ny fokontanin'Androvabe, Soatanana, Andranoteraka, afakomaly. Nahazo loharanom-baovao ireto mpitandro filaminana ireto fa misy olona mihaodihaody, izay efa malaza amin'ny fikononkononana asan-dahalo, tany amin'ireo toerana ireo. Nanao ny fikarohana avy hatrany ny polisy ary nanao fidinana ifotony sy nanao ny vela-pandrika rehetra, ka dia izao tra-tehaka izao izy efadahy izay voalaza fa dahalo sy mpiray tsikombakomba amin'izy ireo. Ny fanampimpanazavana no nahalalana fa malaza ho masiaka dahalo tokoa any an-toerana ary vao tsy ela no nisy fanafihana sy fampihorohoroana niseho tao. Taorian'ny fisamborana ireto olona ireto dia nentina tany amin'ny biraon'ny polisy izy ireo. Fantatra fa mipetraka ao Androvabe avokoa ry zalahy ireo. Mitohy ny famotorana.

T.H

Minisitry ny Fiarovam-pirenena

# "Miray hina miaraka amin'ny vahoaka ny foloalindahy"

Tao anatin'ny firaisankina tanteraka no nankalazana ny 12 janoary, andron'ny manamboninahitra, izay natao tao amin'ny Akademia Miaramila Antsirabe. Tafahaona ny tomponadraikitra ambony rehetra eo anivon'ny foloalindahy sy ny maintimolaly. Anisan'izany ny Minisitry ny Fiarovampirenena, ny jeneraly Richard Rakotonirina, izay andiany zokiny indrindra (La 13). Nampahatsiahiviny fa misy tamberin'andidy sy tamberin'andraikitra ny adidin'ny manamboninahitra. *« Nankinina amin'ny foloalindahy ny fiarovam-pirenena ary iraka lehibe izany amin'ny maha tandroka aron'ny vozona ny foloalidahy malagasy. Na dia misy aza ny tranga manohintohina ny filaminambahoaka dia miray hina izahay miaraka amin'ny vahoaka, mitandro ny fihavanana sy ny fifamatoram-pihavanana amin'ny vahoaka hatrany*, hoy ny jeneraly Richard Rakotonirina, minisitry ny Fiarovampirenena. Izahay dia samy manana andraikitra misy anay avy saingy miombom-po amin'ny maha malagasy mba hiarovana ny firenentsika ary hijerena ny tombotsoan'ny maro. Amin'ity taona 2023 ity dia taona hisian'ny fifidianana. Isika tsy mila korontana fa ny fihavanana sy filaminana hatrany. Ny foloalindahy dia natao hiaro ny fiandrianampirenena sy ny tanindrazana ary hanampy hatrany ny vahoaka malagasy», hoy ihany ny Jeneraly Richard Rakotonirina (MDN).



**Fiaraha-mitafa tamin'ny mpanao gazety nataon'ny minisitry ny fiarovam-pirenena sy ireo foloalindahy.**

### Fombafomba

Ho an'ny andron'ny 12 janoary omaly dia natomboka tamin'ny fotoam-pivavahana narahina fanangananan-tsaina ny fankalazana, ka ny mpianatra manamboninahitra zandriny indrindra no nitarika ny fotoana. Izany hoe ireo andiany zandriny raha ny fombafomba no mandray fibaikona ho an'ny andiany zokiny. Tanjona ny hisian'ny fifankatiavana, ny fifandraisana ary fifanajana eo amin'ny andiany zokiny. Nisy ihany koa ny hazakazaka am-pirahalahiana sy lalao ara-panatanjahatena niarahana tamin'ireo mpianatra ho manamboninahitra. Anisan'ny fanamarihana izany ihany koa dia nisy ny fampisehoana fahaizamanao. Tsiahivina fa ny 12 janoary 1967 no nidiran'ny mpianatra ho manamboninahitra andiany voalohany tao amin'ny "Akademia Miaramila" Antsirabe, izay misalotra ny anarana hoe « Aina ». Nanomboka teo dia natokana ho andron'ny manamboninahitra eo anivon'ny foloalindahy malagasy ny 12 janoary, izay fotoana entina maneho ny firaisankina sy ny firahalahiana eo amin'ny manamboninahitra.

Ariel D.

Ankadimbahoaka

# Fiarakaretsaka saika hangalarin'ilay tovolahy nitondra antsy

Tovolahy nikasa hangalatra fiara, nitondra antsy maranitra, no tra-tehaky ny polisy teny Ankadimbahoaka afakomaly tokony ho tamin'ny 9 ora alina. Tamin'io fotoana io dia nanakana fiarakaretsaka teny By Pass ny tenany. Nijanona ilay fiara ary rehefa nifanaraka tamin'ny saran-dalana izy ireo dia nitsofoka tao anaty fiara ralehilahy. Fantatra fa eny Namontana no voalaza fa toerana hanaterana azy tamin'io. Tsy nanana eritreritra na inona na inona mihitsy ilay mpamily taxi tamin'io fa dia nandeha hihazo ny toerana hijanon'ilay tovolahy. Saingy tsy nampoiziny fa niova hevitra teny an-dalana ity farany ka lalan-kafa indray no nasainy hanaterana azy. Araka ny fantatra mantsy dia niteny indray izy fa ho eny amin'ny Fasan'ny Karàna ary rehefa avy eo dia nilaza haterina eny Anosizato, ary nilaza fa tsy manam-bola any aminy. Manoloana izany dia mailo ilay mpamily fiara karetsaka ka nentina teny amin'ny tobin-dasantsy teny Ankadimbahoaka ilay fiara. Dia nijanona teo izy ary nampandre ireo mpitandro filaminana teo amin'ny manodidina teo. Raha vao naheno mikasika izany trangan-javatra izany ny polisy dia tsy niandry ela fa lasa namonjy ny toerana misy ilay taxi nijery ilay tovolahy mpandeha. Tsy afa-nihetsika teo intsony ity farany ary rehefa nosavaina izy dia antsy iray no hita teny aminy, ary tsy nisy nisy vola. Fantatra fa niaiky izy fa saika hangalatra io fiara karetsaka io. Nentina natao famotorana tany amin'ny biraon'ny polisy ny tenany taorian'izay.

T.H

Mahamasina

# Vehivavy mpanao sinto-mahery amin'ny tsena Alakamisy tratra

Ny olona variana miantsena fa ilay tovovavy kosa manararaotra manao ny asa ratsiny , nandritra ny tsenan'i Mahamasina,omaly. Teo am-panaovana izany indrindra no nisy polisy nahita. Voasambotra avy hatrany ilay tovovavy kanefa vao 18 taona monja. Noraisim-potsiny sady tsy afa-nihetsika intsony. Omaly tokony tamin'ny 8 ora sy sasany maraina ity tranga ity. "Fotoana fanararaotan' ireo tontakely mpanendaka sy mpisinto-mahery ny andro tsena sy be olona tahaka ny tsenan'Alakamisy ao Mahamasina. Be mpandalo amin'io fotoana io satria ifamezivezen'ireo mpianatra sy mpiasa ary mpiantsena. Polisy manao fisafoana izay nanao fanamiana sivily no nahatratra an'ilay tovovavy ity, araka ny fanazavana voaray. Saika hanendaka izy ary tsy nanampo ny fisian'ny mpitandro filaminana manao fanampiana sivily ireto. Ny polisimpirenena ao amin'ny boriborintany fahadimy no mandray an-tanana ny tohin'ny raharaha. Efa notazomin'ireto farany izy ka noentina nihazo ny birao avy hatrany mba hanaovana famotorana. Niaiky ihany koa ity farany fa manendaka sy manao sinto-mahery.



**Fanararaotan'ireo tontakely ny tsenan'Alakamisy ao Mahamasina. (Tahirin-tsary)**

Ariel D.

## Manal azy de mimeme




## Sarisary zary tenany

**Sipôzitoara**




## Hatsikana an-tsary

**Leo**




## Masoandro Miposaka

**Romana 9 : 26**

Ary any amin'ny tany izay nilazana taminy hoe: Tsy oloko ianareo, Dia any no hiantsoana azy hoe zanak'Andriamanitra velona

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy


Nil : Tel: 033 07 465 05

## Tari-Dalana




Tantara sy sary: Nil

## Ohabolana



**Banga sendra vomanga, ka mifanena amin'ny antonona azy.**

Quand celui auquel il manque des dents trouve des patates, il trouve justement ce qui lui convient.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 2850

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | 7 | 5 | 9 | | 8 | 4 | | 2 |
| | | 1 | | | | | | 8 |
| | | | | 7 | | | | |
| 6 | | | 8 | | | | | 7 |
| 5 | | | | | | | | |
| | | 4 | | 3 | | 1 | 6 | |
| | 6 | | | | 4 | | | |
| 9 | | | | | | | 3 | |
| | | | | | 1 | | | |

Valin'ny laharana 2849

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 4 | 6 | 3 | 9 | 8 | 7 | 5 | 2 | 1 |
| 9 | 5 | 2 | 3 | 1 | 4 | 8 | 7 | 6 |
| 7 | 1 | 8 | 2 | 5 | 6 | 4 | 9 | 3 |
| 3 | 8 | 5 | 4 | 9 | 1 | 2 | 6 | 7 |
| 2 | 9 | 7 | 8 | 6 | 3 | 1 | 5 | 4 |
| 1 | 4 | 6 | 7 | 2 | 5 | 9 | 3 | 8 |
| 5 | 3 | 9 | 1 | 7 | 8 | 6 | 4 | 2 |
| 6 | 7 | 1 | 5 | 4 | 2 | 3 | 8 | 9 |
| 8 | 2 | 4 | 6 | 3 | 9 | 7 | 1 | 5 |

Minisiteran'ny Tontolo Iainana

# Olona manana dosie maloto, voasazy handoa lamandy no notendrena Tale Jeneraly

*Ny Filohan'ny Repoblika mihitsy no misy mamahan-dalitra sy manipy hoditra ankondro amin'ny alalan'ny fampidirana olona maloto dosie ao anaty fitondrana.*

Tafiditra andapa ny mpangalatra ! Izay no azo ilazana ny zava-misy eo anivon'ny minisiteran'ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana lovainjafy ankehitriny. Nandritra Filankevitry ny minisitra afak'omaly, dia nisy ny fanendrena mpiasam-panjakana ambony teo anivon'ity minisitera ity. Votendry ho eo amin' ny toeran'ny Tale Jeneralin'ny Fandrosoana lovainjafy tamin'izany Atoa Andriamiharisoa Harinjaka Romuald. Rehefa jerena anefa ny zavatra efa nataony tany aloha tany, dia olona efa manana dosie maloto, voasazy handoa lamandy ity notendrena ho Tale Jeneraly eo anivon'ny minisiteran'ny Tontolo Iainana ity. Voarakitra ao anatin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblikan' i Madagasikara laharana faha-4338 tamin'ny 3 Aogositra 2020 ny antsipirihany rehetra momba izany. Tafiditra ao anatin'io ny fitoriana ity olona ity izay nataon'ny teo anivon' ny Minisiteran'ny Indostria sy ny Fampandrosoana ny Sehatra tsy Miankina tamin' ny 19 Novambra 2018 tany amin'ny Filankevitra momba ny Fifehezana ny Fitantana-mbola na « Conseil du Discipline Budgétaire et Financière » (CDBF). Tamin'izany ny tenany dia Tale Jeneralin'ny Foibe Malagasy momba ny Fary sy ny Siramamy (CMCS) teo aloha, ary nanao hadisoana teo amin'ny fitantanana. Hadisoana izay miendrika fanodikodinana ny volam-panjakana. Ankoatra azy, dia nisy olona roa hafa voarohirohy tao anatin'izany. Tsy miahatra amin'ireto tomponandraikitra roa farany ireto moa ny lalàna, saingy manasazy kosa an'Atoa Andriamiharisoa Harinjaka Romuald handoa lamandy mitentina 2 800 000 Ariary. Tapitra hatreo ny andraikitry ny Filankevitra momba ny fifehezana. Andrasana kosa ny fanadihadiana mety hataon'ny Bianco sy ny PAC manoloana ity resaka fanodikodinana sy fangalarana ny volan-panjakana ity.

**Fanipazana hoditra ankondro**

Teo anivon'ny Filankevitry ny minisitra moa noraisina ny fanendrena ity olona ity ho Tale Jeneraly eo anivon'ny minisiteran'ny Tontolo Iainana. Karazan'ny fanipazana hoditra ankondro sy famahanana lalitra ny Filohan'ny Repoblika ihany ity toe-javatra ity. Ny tenany mantsy no nanao sonia ny didim-panjakana momba izany, izay tsy mahafantatra ny tena marina momba ilay olona akory. Nisy ny firaisana tsikombakomba teny anivon' ny rafitra isan-tsokajiny tahaka ny Primatiora sy ny Fiadidiana ny Repoblika. Tomponandraikitra voalohany amin'izany ihany koa ny minisitry ny Tontolo Iainana. Nandalo fotsiny ve ny fanadihadiana ny lafiny ara-môraly na «enquête de moralité» ny olona hotendrena ho mpiasam-panjakana ambony tahaka itony sa niniana tsy nojerena ? Tsy vao voalohany no nisiana toe-javatra tahaka itony, fa efa niseho izany tamin'ny fanendrena ny minisitry ny Harena ankibon'ny tany teo aloha sy ireo Tale hafa eo anivon'ny minisitera sasany. Mila mailo tanteraka amin' ireo olona manodidina azy araka izany Filohan'ny Repoblika manoloana ny raharaha toy izao.

**JUDD**

Fanomanana ny fifidianana

# Nampiseho hery tany Toliara i Marc Ravalomanana

Ho raikitra amin'izay ny fihaonan'ny filoha teo aloha Marc Ravalomanana amin' ireo mpomba azy any Toliara izay efa nandrasana nandritra ny fotoana maro. Taorian' Antsiranana, tamin'ny faran' ny herinandro lasa teo dia ny faritanin'i Toliara indray no notsidihin'ny Ing. Marc Ravalomanana. Omaly no tonga tany an-toerana ny Filoha nasiônalin'ny antoko TIM, niaraka tamin'ny Birao politika ary ireo solombavambahoaka voafidy tamin'ny anaran'ny antoko TIM. Nandritra izany, noraisin'ny mponin'i Toliara tamin'ny fomba manetriketrika ity filoham-pirenena teo aloha ity na dia tsy nisy fanentanana natanjaka sy naharitra aza. Nitombo an-dalana ny mpanaraka azy, teny am-pandehanana ka nahavory vahoaka mandra-pahatongany tany amin'ny Magro, ao an-drenivohitr'i Toliara ary nisy mihitsy ireo nively «tamtam». Manoloana izany, tsy vitsy ireo milaza fa miha matanjaka ny antoko Tiako i Madagasikara any amin'ny faritra raha tsy hilaza afa-tsy any amin'ny faritra Avaratra sy Atsimon'ny Nosy. Dia nampiseho hery tany Toliara Ing. Marc Ravalomanana sy ny mpanara-dia azy saingy ny fanontaniana manitikitika, dia hoe efa azo antoka ve fa ho « an'i Dada » ny vaton' ireny olona tonga teny ireny ?

**Hifanehatra**

Raha ny fitantaran'ireo Birao politika TIM, dia tena fandresen-dahatra no nahatongavan'ireo olona nitsena ity mpitarika azy ireo ity fa tsy hijery lanonana. Araka ny fandaharam-potoana voafaritra mialoha, dia hanatanteraka kongresim-paritra sy hifampiarahaba tratry ny taona amin'ny mpanara-dia azy any Toliara ny Filoha teo aloha Marc Ravalomanana. Raha ho tsy miova ny fandaharam-potoana dia manitikitika sahady ny fanontaniana hoe: inona no hitranga? Hahazo alalana hanao famoriam-bahoaka indray ve ny TIM sa hifanehatra amin'ny mpitandro filaminana ho an'ny anio? Raha hiverenana ny zava-nisy omaly, dia efa tazana teny an-dalambe sy teny amin'ny manodidina ny tanàna nandalovan'i Marc Ravalomanana ny mpitandro ny filaminana.

**Mamy R.**

Fiakaran'ny vidim-piainana

# Miantso ny Filoham-pirenena handray fepetra faran'izay haingana ny VMF

Na dia manohana ny fitondrana aza ny VMF, na ny Vondron'olona Manohana ny Fitondrana, tarihin'Atoa Rantenaina Falson Jocelyn, dia tsy nisorona ity farany namotsipotsitra ny fidangan' ny vidim-piainana mampikaikaika ny vahoaka malagasy amin'izao. « *Misy fiantraikany mivantana amin'ny vaton'ny Filohan'ny Repoblika ny fiakaran'ny vidim-piainana, ka mila mandray fepetra faran'izay haingana ny Filoha raha mbola mieritreritra ny hirotsaka hofidiana* », hoy izy. Araka izany, manao antso avo amin'ny Filoham-pirenena, mba handray fepetra faran' izay haingana ny lehilahy



manoloana ny fidangan'ny vidim-piainana amin'izao, indrindra fa ny vary izay tsy nitsaha-niakatra tato ho ato. Notondroiny manokana tamin' izany moa ny minisitera telo tokony hiara-misalahy, mitady vahaolana amin'izany, dia ny minisiteran'ny Varotra, minisiteran'ny Fitaterana, minisiteran' ny Vola.

**Niry R.**

## Marina izany !

### Zoma faha-13... !

**Zoma faha-13 ny andro anio. Mambara inona moa ny zoma faha-13 ? Zavatra roa no fonosin'izy io, ny voalohany manambara andro izy io. Ny faharoa, milaza tarehimarika ihany koa. Fa inona moa ilay andro zoma ? Samihafa ve ilay andro zoma sy zoma faha-13? Ilay andro zoma aloha dia ohatra ny misy ifandraisany amin'ny antsika Malagasy ihany, araka ilay ohabolana hoe " Ny akoho tsy nanidina, hono, tsy nahandry ny andro zoma ". Fa ilay isa 13 kosa dia tena an-dry zareo Vazaha(tandrefana) manokana. Araka ny finoan-dry zareo mantsy dia mitondra vintan-dratsy na ratsy ny isa 13. Ho an'ireo mino sy matahotra izany dia ialana mihitsy io isa io raha azo atao, eny fa na hatramin'ny laharan'ny efitrano ipetrahana aza raha sendra mivahiny amin'ireny trano fandraisam-bahiny ireny dia misy manao an'izany. Mahagaga fa misy kosa Malagasy mino fa mitondra vintana tsara ho azy na manambina ny isa 13, izay ampiasaina matetika rehefa misy zavatra atao, na fifaninanana io, na lalao, sns...ary aderadera mihitsy aza ny fitondrana azy. Io dia tahaka ny finoana na fahatahoran'ny sasany ihany koa ny " goaika tokana ", toy izany koa ny " saka mainty ", sns... Milaza loza, hono, ny " goaika tokana ". Resaka andro sy daty moa no resahina eto. Mahakasika izay ihany, hatreto aloha dia tsy mbola namaritra vinavinana daty hanatanterahana ny fifidianana ny manampahefana sy ny fitondrana malagasy. Raha tsy hoe angaha tsy hisy indray izy io, araka ny voalazan'ireo "mahita volana alohan'ny biby na Abib", ny azo ambara dia ho amin'ity taona ity ny fifidianana. Ny amin'ny andro sy ny daty kosa dia mbola ankamantatra, izay heverina fa tsy hisy resaka kajikajy na fanandroana, araka ny fiheveran'ny Malagasy azy ity hatramin'izay isaky ny misy fifidianana atao eto !**

Lucien Raharison

Andron'ny manamboninahitra-Filoha Andry Rajoelina

# Nampiseho fahavononana hanohana ny Foloalindahy

Toy ny fanao isan-taona, dia mankalaza ny andron'ny manamboninahitra ny Foloalindahy Malagasy rehefa tonga ny datin'ny 12 janoary. Amin'ny maha Lehibe faratampon'ny Foloalindahy azy, dia isan'ireo nandray anjara tamin'izany omaly ny Filoha Andry Rajoelina teny Iavoloha, niaraka tamin'ireo manamboninahitra miasa eo anivon'ny Rezimanta misahana ny fiambenana ny Filoha. Nanotrona izany ny minisitry ny Fiarovam-pirenena ny Général de Corps d'Armée, Léon Jean Richard Rakotonirina sy ny Sekreteram-panjakana miadidy ny Zandarimaria ny Général de Corps d'Armée, Serge Gellé. Tamin'ny fandraisam-pitenena nataony no nampisehoan'ny Filohan'ny Repoblika ny fahavononana hanohana tsy misy fepetra ny Foloalindahy. Notsahiviny tamin'izany ny andraikitr'ireo manamboninahitra isan-tsokajiny eo amin'ny fiarovana ny vahoaka sy ny fananany ary ny tanidrazana. Namafisiny fa ilaina ny fanohizana ny ezaka efa ataon'ny tafika sy ny zandary amin'ny fitandroana ny fandriampahalemana eto amin'ny tany sy ny firenena. Tahaka ny mahazatra, dia nisy ny fanolorana ny gisa ho an'ny Filoham-pirenena.

**JUDD**

TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

RN2

# Niato nandritra ny adiny 8 ny fifamoivoizana

*Iarahan'ny rehetra mahita ny faty antoka sy ny fahavoazana ara-toekarena aterak'izany.*

Manao sesilany ny fiara mivadika na mibahan-dalana amin'ny lalam-pirenena. Ny alakamisy maraina tokony ho tamin'ny 2 ora, kamio vaventy mpitatitra entana "semi remorque" roa no nifandona ary nitsivalana amin'ny arabe ny iray. Vokany, tapaka ny lalana mampitohy an'Antananarivo sy Toamasina eo amin'ny 35 km tsy hidirana an'i Brickaville raha avy aty Moramanga, izany hoe eo anelanelan'i Tsaramandroso sy Antsapanana. Araka ny fanazavan'ny olona iray any an-toerana, nandona kamio mijanona amin'ny sisin-dalana ny kamio lehibe iray izay lasa nitsivalana mibahana arabe iray manontolo. Tsy misy lalana azon'ny fiara andehanana mihitsy ka voatery namorona lalana na "déviation" izy ireo. Tsy olon-kafa anefa fa mponina eny amin'ny manodidina ihany no mihetsika manao izany fivilian-dalana izany ka akany sarany 5000ar isaky ny fiara. Tokony ho tamin'ny 9 ora sy sasany maraina vao afaka nanohy ny diany ireo fiara mpitatitra olona sy fiara madinika raha tsy mbola afaka mihetsika ao kosa hatramin'izao ora anoratana izao ny kamio sy fiara vaventy. Iarahan'ny rehetra mahita ny faty antoka sy ny fahavoazana ara-toekarena aterak'izay fahatapahan-dalana maharitra ela izany. Tsy hita ihany koa izay nalehan'ilay mpamily iray ka vao mainka mitarika fahatarana sy fahasorenana izany. Rehefa mandeha amin'ny lalam-pirenena, tokony hiomana amin'ny karazam-batsivatsy mba hisorohana ny fahatarana mety hitranga noho ny lalan-dratsy sy ny loza. Tsiahivina fa nisy ny hetsika karakarain'ireo kamiô ny 15 janoary 2023 izao noho ny lalan-dratsy sy ny zavatra iainan'izy ireo ao Toamasina.



Taraiky tsy nisy afaka nandeha ny fiara rehetra noho ny kamio nibahana ny arabe.

**Nath**

Toetry ny andro

# Hitohy anio ny oram-baratra eto Analamanga

Mbola hitohy anio ny oram-baratra izay mbola ahiana hitarika fanelingelenana sy ranobe ary fihotsahan'ny tany. Mbola manankery ny filazana fampitandremana miloko mavo ho an'ireto faritra ireto, dia ny faritra Sofia, Analanjirofo, Atsinanana, Alaotra Mangoro ary Analamanga. Hiverina ho maina kosa izany ho an'ny sabotsy sy ny alahady ary hikisaka mianandrefana kokoa aorian'izay. Entanina ho mailo foana eo anatrehan'izany ny rehetra, indrindra fa ireo mipetraka amin'ny faritra iva amin'ny mety ho fiakaran'ny rano sy renirano ary ny eny amin'ireo faritra avo amin'izay mety ho fihotsahan'ny tany sy vato. Mikasika ilay tangorondrahona hita ao amin'ny ranomasimbe indianina kosa, vinavinaina any amin'ny 15 janoary 2023 any vao mety hisy fivoarana sy ho voafaritra ny mety ho lalany. Amin'izany, vinavinaina hitoetra ireo fepetra manome vahana ny fivoaran'ny rivodoza manakaiky an'i Madagasikara. Ahiana mafy ny hisian'ny rivodoza mety hahakasika ny distrikan'i Vohémar, Sambava, Antalaha, Maroantsetra, Toamasina, Vohibinany, Vatomandry, Antanambao Manampotsy, Mahanoro, Nosy Varika, Mananjary ary Manakara. Dieny izao dia tokony hiomana amin'ny fiatrehana izany ireo distrika rehetra ireo.

**Nath**

Famatsiana rano fisotro madio

# Toerana 500 tamin'ny faritra 13 notiliana

Antoka ara-pahasalamana ny fahazoana rano fisotro madio. Toerana 500 misy famatsiana rano fisotro madio tamin'ny faritra 13 manerana ny Nosy no nanaovana fakana singa mikasika ny kalitaon'ny rano. *"Ny fanomezana rano fisotro madio ho an'ny mponina dia tsy mijanona amin'ny fitsirihana mialoha ny fanamboarana fotodrafitrasa ihany fa mila fitsirihana mitohy. Ny fenitry ny OMS sy ny didy aman-dalàna misy eto amintsika ihany no mamaritra ny fenitry ny rano fisotro madio. Raha misy ny fanorenana fotodrafitrasa famatsiana rano fisotro madio dia tsy maintsy misy ny fitsirihana atao ary ny taratasy fanamarinana avokan'ny minisiteran'ny rano sy ny fidiovana ary ny fanadiovana miaraka amin'ny minisiteran'ny fahasalamana sy ny laboratoara ihany no afaka milaza fa rano fisotro madio azo zaraina amin'ny mponina izany."*, hoy i Fidiniavo Ravokatra, minisitry ny rano sy ny fidiovana ary ny fanadiovana. Miara-miasa ao anatin'ny hetsika "WASH-QUALITY" amin'ny alalan'ny tetikasa RISE (Recherche, Innovation, Surveillance et Evaluation) ny minisiteran'ny rano sy ny fidiovana ary ny fanadiovana sy ny "Istitut Pasteur de Madagascar". Nahazoana famatsiam-bola tany amin'ny sampandraharaha amerikana misahana ny fampandrosoana iraisampirenena, na ny USAID, ity tetikasa ity. Nokendrena ny hanatsarana ny fiantohana ara-pahasalamana ny rano fisotro any amin'ny faritra lavitra any ambanivohitra sy ny any amin'ireo tobim-pahasalamana. Notsidihina tamin'ny fomba ofisialy omaly teny amin'ny laboratoara Avaradoha ireo fitaovana vaovao hoentina manao ny fitiliana rano mba hijerena ireo loto na vy na singa simika mety hanimba ny fahasalamana tany amin'ireo toerana nanaovana fakana singa ireo.



Nitsidika ireo fitaovana vaovao tao amin'ny laboratoara teny Avaradoha ny Minisitra Fidiniavo Ravokatra. (Sary : Kelly R.)

**R. Muray**

Fandraharahana

# Mamiratra any Ivelany ny orinasa malagasy



Nifampizara traikefa sy fahaiza-manao tany Inde.

Tsy mena mitaha amin'ny any ampitandranomasina ny orinasa malagasy. Taorian'ny fahazoana ny orinasa "Thomson Broadcast" tany Frantsa tamin'ny volana aogositra 2018 sy ny fahazoana ny kaompania "GatesAir" tany Etazonia tamin'ny aogositra 2022, dia manomboka mivelatra any Inde ankehitriny ny vondrona Redland, izay tarihin'i Ylias Akbaraly. Mandray anjara amin'ny fampandrosoana ara-toekarena any Inde eo amin'ny sehatry ny toekarena mampiasa ny kajimirindra amin'ny alalan'ny fampiasana ireo vokatry ny teknôlôjia manao fampitan-davitra ireo fandaharana vokarina amin'ny haino aman-jery. Ity sehatra ity rahateo dia napetraky ny fanjakana Indiana ho stratejika tamin'ny alalan'ny hetsika "Make in India" mba hanosehana ireo orinasa any an-toerana hamokatra. Mikendry ny ho lohalaharana maneran-tany eo amin'ity sehatra ity ny vondrona Redland amin'ny alalan'ny fampiroboroboana ny kajimirindra miaro ny tontolo iainana. Tonga tany amin'ity firenena ity ny filoha tale jeneralin'ny Redland ary niaraka nivory tamin'ireo mpandraharaha sy tomponandraiki-panjakana tany an-toerana.

**R. Muray**

Fiahiana sosialy

# Hitombo ireo faritra mpisitraka hatramin'ny taona 2027

*"Hitombo ireo faritra sy olona mpisitraka ny fiahiana sosialy eto Madagasikara hatramin' ny taona 2027. Ny tena asan' ny minisiteran'ny mponina sy ny fiahiaa sosialy ary ny fampiroboroboana ny vehivavy dia tsy mizara vary na manome sakafo ho an'ny olona sahirana eny andalambe fa miara-miasa kosa amin'ireny ONG na fikambanana mpanao an'izany. Ny famolavolana ny politika nasionalin'ny fiahiana sosialy no tena ataonay ka amin'izany no hanomezana ny mpisitraka ny fiofanana sy ny fanampiana ara-bola ary ny tantsoroka hanaraha-maso ny tohin'ny ezaka ataon'ny mpisitraka tsirairay, mba tsy ho very maina ny fanampiana nomena, satria ny fanampiana omena dia misy trosa ary misy koa no fanampiana omena fotsiny ihany"*, hoy Atoa Rivomanana Tsarahita Ghisbert, tale jeneralin'ny fiahiana sosialy eo anivon'ny Minisiteran'ny mponina tamin' ny mpanao gazety. Any aoriana any rehefa tafarina amin'ny fiainana ireo olona marefo ara-pvelomana dia hamerina tsikelikely amin'ny alalan'ny fandoavan-ketra amin'ny fanjakana sy hidirany amin'ny sehatr'asa aradalàna mba ho anjara biriky hampitombo ny kitapombolam-panjakana.



Ny tale jeneralin'ny FID sy ny DGPS nandritra ny tatitra ny asa vita tamin'ireo mpiara-miombona antoka. (Sary : HAR)

### Mitohy hatrany

*"Ny tetikasa fiahiana sosialy dia tsy mijery ny lafiny arapolitika politisianina fa mijery kosa ny sosialin'ny Malagasy. Tsy azo hadinoina anefa fa programan'ny fitondrampanjakana rehetra izay eo ny fiahiana sosialy. Mijoro sy manatanteraka ny adidy amanan'andraikitra izahay amin'ny maha-tetikasa ny sehatrasa atao. Izahay Minisiteran'ny mponina dia andry iray mijery ireo mpiaramiasa mihoa-pefy"*, hoy hatrany Atoa Rivomanana T. Ghisbert, DGPS. Mandrapanombohana ny tetikasa vaovaon'ny fiahiana sosialy any amin'ny tapak'ity taona 2023 ity dia mitohy hatrany ireo programan'ny fiahiana sosialy efa nisy hatramin'izay toy ny Vatsin'Ankohonana, ny Tosike vojy aigne, ny Asa atakalo vola...sns.... ho an' ireo efa mpisitraka ary koa ny fiofanana izay efa omeana azy ireo hatrany. Rehefa sanatria koa ka misy ny loza vojanahary toy ny haintany, ranobe, rivodoza sy fahasimban-javatra maro sy fahasahiranan'ny olona ka tokony hampiasana ny vonjy taitra ho fiahiana sosialy dia misy koa ny fiaraha-miasa atao miaraka amin'ireo mpiara-miombona antoka maro, hoy ny DGPS. Tsy hijanona mihitsy ny tetikasa fiahiana sosialy eto Madagasikara, hoy ity tomponandraikitra ity.

**Heriniaina A.**